

Malagasy Protestant Church in France  
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France  
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



**Siège national**

47 rue de Clichy  
753119 Paris Cedex 09

Tél. 01 45 96 03 05

Ny fibebahana sy ny fanjakan'ny lanitra  
« Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra »

Ny fandresena no lohahevitra atrehantsika mandritry ny taona 2016. Ny iray mibahana ny fandresena dia ny heloka ary ny fanafodiny iray dia ny fibebahana. Maro ny lalan'ny fibebahana ary ny faratampony sy mitondra ny fiainana rehetra dia ny fibebahan'Andriamanitra. Ahantontsika anio ny fibebahan'Andriamanitra satria zava-dehibe mila anokanana fotoana na dia efa misy fampianarana iray momba izany ao amin'ny radio vatsy Fpma tamin'ny alatsinainy 11 marsa 2014. Ny atrehantsika dia ny fibebahana sy ny fanjakan'ny lanitra.

Maro ny olona no sahirana ny amin'ny fisiany izay voafatotr'ireo heloka koa mangetaheta ny iresaka izany ary maniry ahafantatra ny fiainana izay mifanehitra amin'ny heloka. Ny antompisian'izany no mahatonga antsika mieritreritra ny fibebahana.

**Ny fibebahana dia fanomezan'Andriamanitra**, toy ny lalan'ny fahazavana, lalan'ny fanasitranana, lalan'ny fanahafana : Vaovao Mahafaly. Izay no henoko avy ao ambavan'i Jesosy, fibebahana toko iray lehibe amin'ny fihaonantsika amin'Andriamanitra. Ny fanasana milaza hoe « Mibebaha ianareo » dia **tokonana izay itaritan'i Jesosy antsika ho ao amin'ny vontootin'ny hafatry ny Filazantsara.**

**I. Ny fibebahana, vaovao mahafaly**

Ny fibebahana sy ny heloka ary ny famelan-keloka dia teny mahazatra nefa betsaka ny olona no tsy mahafantatra ny lanjany, ny dikany, ny heviny eo amin'ny fiainana ; ary tsy manana teny entiny ilazana azy. Mikorontana ny fiainan'ireo olona ireo, voafatotry ny heloka ; mangetaheta ny hilaza izany, maniry ny ahafantatra ny iainana an'izany eo anatrehan'Andriamanitra. Ho an'ireo olona ireo no mahatonga ahy mihezaka mieritreritra ny mikasika ny fibebahana, koa mahatonga ahy mirotsaka ao amin'ny Baiboly mandranto izay teny entina ilazana izay miaina ao anatintsika. Ny faniriako dia tsy ho rendrika ao anaty Baiboly fa hivoaka ho olona hafa avy ao.

Ny heloka, ny fibebahana, ny fibabohana, ny fanenenana, ny fiononana, ny famelan-keloka dia zavamisy amin'ny fisian'ny olona : **Ahoana no iainana izany eo anatrehan'ny fitondran'Andriamanitra ?** Misy foana ny hevitra milaza hoe : Andriamanitra dia mijery ny ao anatin'ny olona, mahita ny loto ao anatin'ny olona, mahita ny maizina ao anatin'ny olona. Marina izany nefa ambarako mialoha ampifaliana, toy ny fanomezan'Andriamanitra fa **ny fibebahana dia lalana iray ny fahazavana, lalan'ny fanasitranana, lalan'ny fanafahana.**

Milaza ny fibebahana aho satria iainako ihany koa izany, ary indrindra indrindra henoko sy reko eo ambavan'i Jesosy, tsy toy ny zavatra fanampiny, fa toko lehibe amin'ny fihaonantsika amin'Andriamanitra.

## 1. Ny fibebahana, toriteny voalohany

Tsy fantatro raha tandremanao tsara fa ao amin'ny Testamenta vaovao, ao amin'ny boky voalohany, ny teny voalohany ampahibemasao ho an'ny rehetra nambaran'i Jesosy dia ny fanasana, ny fiangaviana, ny fiantsoana ho amin'ny fibebahana : « Mibebaha ianareo » (Matio 4/17).

Ny teniny voalohany tamin'ny toriteniny. Mahazendana. Hafakely. Mandra-pahatongany nitoriteny tany Galilia, araka ny filazan'ny evanjelista Matio, dia tsy nisy olona naheno ny feon'ny teniny afa tsy Jaona mpanao batisa tamin'ny fihaonan'izy ireo manokana nifanatri-tava (Matio 3/14-15) ; tsy nisy olona hafa fa saingy nisy ny mpiampanga, ny mpanendrikendrika, ary tsy nisy vavolombelona nahita izany (Matio 4/1-11). Rahefa avy natao batisa Jesosy ary rahefa vita ny adiny tamin'ny mpiampanga, dia nanomboka nanao ny asany Jesosy ary nanomboka tamin'ny toriteny, ary ny teny volohany nataony dia « Mibebaha ianareo »

Hampisehoana ny lanjan'io toriteny fanokafana io, Matio dia nampiditra ny faminiana izay milaza ny fibebahana : « Ny olona izay nitoetra tao amin'ny aizina dia nahita mazava lehibe ; ary izay nitoetra tao amin'ny tany aloky ny fahafatesana no niposahan'ny fahazavana » (Matio 4/16).

**Io fahazavana io dia Kristy nefa koa ny toriteniny**, mitaona ho amin'ny fibebahana eo anatrehan'ny haizin'ireo heloka. « Mibebaha ianareo », hoy Jesosy ; ary Matio manao an'io fiantsoana io ho taratry ny fahazavana izay mamirapiratra ao anatin'ny aizina. **Ny fibebahana, lalana iray ny fahazavana**. Tsy izay mihintsy matetika no eritreretina ! « niposaka ny fahazavana » teny faminiana entin'i Matio hanazava ny tokonan'ny Filazantsara, ny varavarany Vaovao mahafaly izay ambaran'i Jesosy.

« Mibebaha ianareo », teny manokatra ny Vaovao mahafaly. Tantsika ny hiditra ao anatin'ny afovoan'ny hafatr'i Jesosy koa hiaina izany ; ary noho izany dia **tsy azo tsinotsiavina ny mihaino sy mandre ny teny fanasana voalohany izay miantefa amintsika ary indrindra koa mamaly izany sy miaina izany**. Ahoana moa no idirantsika ao amin'ny Filazantsara raha tsy miditra eo amin'ny varavarana isika, raha tsy manomboka amin'ny voalohany. Raisintsika ho zava-dehibe ny Filazantsara koa manomboka amin'ny voalohany isika ; ary noho izany dia miaina ny fibebahana. Izay ny dingana lalovantsika idirana ao amin'ny Vaovao mahafaly : « Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » (Matio 4/17).

## 2. Ny dingana eo amin'ny fibebahana

Raha mbola tsy nanomboka nitoriteny Jesosy, Jaona mpanao batisa dia nomena asa hanamboatra ny lalan'i Jesosy. Ary ny nanaovan'i Jaona izany dia nanomboka nitoriteny ihany koa izy. Mahatalanjona ny hafatr'i Jaona. Araka an'i Matio, ny teny voalohany ampahibemaso nambaran'i Jaona dia mitovy tanteraka amin'ny nambaran'i Jesosy : « Mibebaha ianareo » (Matio 3/2).

Jaona sy Jesosy dia miteny zavatra iray ; ary mitovy ihany koa ny fanazavany ny fiantsoany ho amin'ny fibebahana : « Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » (Matio 3/2 sy 4/17). **Mitovy tanteraka ny zavatra ambarany fa saingy ny heviny, ny dikany, ny lanjany avy amin'ny vavan'i Jaona dia tsy mitovy amin'ny heviny avy amin'ny vavan'i Jesosy** ; ary ezahantsika dinihina ny maha samy hafa azy.

Jaona sy Jesosy dia manaiky fa misy fihaonana manokana, misy fifandraisana manokana eo amin'ny fibebahana sy ny fahatongavan'ny fanjakana.

Ny fijerana akaiky ny maha samy hafa, ireo tsy fitoviana eo amin'ny toritenin'i Jaona sy Jesosy dia mitondra zava-dehibe roa ho antsika kristiana dia : ny iainantsika tsara ny fibebahana ambaran'i Jesosy noho ny ambaran'i Jaona ary koa ny azahoantsika mitory tsara ny fibebahana.

Jesosy dia nanome asa ireo mpianany hitory ny fahatongavan'ny fanjakan'ny lanitra (Matio 10/7) ary izany fahatongavana izany dia tsy misaraka amin'ny fibebahana. Marka dia manamarika tsara ihany koa ny asa voalohan'ny mpianatra : « Dia nandeha izy ireo ka nitovy fa tokony hibebaka ny olona » (Marka 6/12).

Mpianatr'iza isika rahefa mitovy ny fibebahana ? Mpianatr'iza aho rahefa miresaka aminao ny fibebahana ; mpianatr'i Jaona sa mpianatr'i Jesosy ? Mitovy ny teny ambaran'i Jaona sy Jesosy nefa izy ireo dia manome an'io teny io hevitra samy hafa. Koa ny tsy fampitovian'i Jaona sy Jesosy ny hevitra ny teny dia tokony hajaintsika fatratra mba tsy ho very isika ary tsy ho very ireo olona itenenantsika.

**Misy tsy itovizana ny fiheveran'i Jaona sy Jesosy ny fibebahana fa saingy tsy milaza fitsipahana ny iray ary fanekena ny iray fa milaza ny fiainan'ny fitohizan'izy roa**, izay ilaina dia ilaina. Jesosy dia nandalo tamin'ny batisa ny fibebahana (Matio 3/14-15, Marka 1/4). Jesosy tsy nandà ny batisa noraisiny ary tsy nitsipaka ny toriten'i Jaona. Ireo mpianatr'i Jesosy, ary ireo voalohany, dia mpianatr'i Jaona aloha izay vao lasa mpianatr'i Jesosy (Jaona 1/35-37). Ireo mpianatra ireo dia naheno sy nandray ny fampianarana roa samihafa ary tokony mampita ny tsy fitoviana.

Ny heveriko fa mitombina araka ny Testamenta vaovao dia ny fandalinana izay nolazain'i Jaona sy Jesosy mikasika ny fibebahana ; ohatra ny hoe : misy dingana roa amin'ny fibebahana ; ary Jaona sy Jesosy dia mitarika, miantso, mitaona antsika hiditra amin'ireo dingana roa ireo.

Tsy foana ny toriten'i Jaona fa notazomin'ireo mpanoratra ny filazantsara ho entiny, tsy hanohitra ny toritenin'i Jesosy fa entiny ampisehoana ny fitohizan'izy roa, ny fifamenoan'izy roa izay mampiseho fa ny iray dia tetezana ho amin'ny iray.

Ny ambaran'i Jaona rehetra dia efa Filazantsara iray, ary ao anatin'izany ny fibebahana dia mikambana amin'ny filazantsara, araka ny tsindrin'i Lioka : « Ary tamin'ny fampianarana (ny teny fototra dia *parakalôn* : fampaherezana, *exhortation*) maro samihafa no nanambarany ho an'ny vahoaka » (Lioka 3/18). Ny toriten'i Jesosy dia Filazantsara ihany koa fa saingy ao amin'ny fahafenoana.

« Mibebaha ianareo », hoy Jaona ; « Mibebaha ianareo », tohizan'i Jesosy. Raiso amin'ny filaharany ireo toriteny ireo araka ny nanomezan'ireo filazantsara antsika azy. Midira aloha amin'ny fibebahana araka ny lazain'i Jaona ary avy eo araka ny nolazain'ny Kristy ary aza mijanona andalana mba ho tonga mpianatry ny Kristy tanteraka.

### **3. Fibebahana sa fiovana ?**

Mialohan'ny andehanana alavitra dia heveriko fa tsara lanjaina ny hevitra ny tenin'ny Baiboly. « Mibebaha ianareo » (Matio 3/2 sy 4/17) hoy Jaona sy Jesosy, araka ny Baiboly Protestanta sy ny Baiboly Katolika ; « lalao ny toe-dratsy »<sup>1</sup> hoy ny Baiboly Dikanteny Lombonana Eto Madagasikara.

Ny tazomintsika dia ny hoe « mibebaha ianareo ». Ny « mibebaka » dia avy amin'ny teny fototra grika *métaneo* ; ary ny « fiovana » dia nadika avy amin'ny teny fototra grika *épistrapho*.

<sup>1</sup> Ao amin'ny fanazavany teny, ny DIEM dia milaza hoe : « fialana amin'ny ratsy fanao na fanovana toetra tsy mendrika na fivalozana »

Ampifangaroan'ny DIEM ireo teny roa ireo, ary sarotra amiko ny ahafantatra sy handray ny fitovian'ireo teny roa ireo. Marina fa mifanakaikikaiky ireo teny roa ireo ary mitovitovy ny heviny aty aoriana, saingy tsy tokony afangaro mihitsy. Ny Testamenta vaovao dia tsy azavain'ireo soratra aty aoriany fa ampifanakakaizina amin'ny Testamenta taloha nosoratana tamin'ny teny hebreo ary nadika ho amin'ny teny grika (ataontsika hoe : Septanta) izay fototra iorenany mazava tsara. Ny Testamenta vaovao rehetra dia fitohizan'ny Testamenta taloha.

Ao amin'ny Septanta, ny teny grika *métaneo* dia mandika ny teny hebreo hoe *nâham* izay midika hoe mibebaka fa tsy hoe miova ; ary ny teny grika *épistrépho* dia mandika ny teny hebreo hoe *show* izay midika hoe miverina.

Ny Septanta dia tsy mandika mihitsy ny *nâham* hoe *épistrépho*, tsy mandika mihitsy ny fibebahana ho fiovana. Tsy azo ampifangarona izay tsy nampifangaroan'ny Septanta sy ny Testamenta vaovao. **Tsy mifangaro ny fibebahana sy ny fiovana (fiverenana) ao amin'ny Septanta**, koa hitako mahagaga raha afangaro izany ao amin'ny Testamenta vaovao. Tazomiko ireo maha samy hafa azy ireo satria tiako ho fantatra mazava tsara ireo soratra ao amin'ny Baiboly.

**Ny fiovana, ny fiverenana, show hoy ny teny hebreo, épistrépho hoy ny teny grika dia fiovana toetra ary fiverenana ao amin'Andriamanitra** ; ny hebreo dia manome sary miteny izany : fiovana lalana, fiverenan-dalana ho an'ireo meloka, mivily lalana izay nanalavitra an'Andriamanitra. Ny sary dia tazomin'ny grika satria *strephe* dia midika koa hoe : miverina.

Ny matoanteny grika *métaneo* dia teny roa mifangaro ; *méta* izay midika hoe : « avy eo », ary ny matoanteny *noéo* izay midika hoe « misaina », « mieritreritra ». Ny *métaneo* dia matoanteny mpanao midika hoe : « misaina na mieritreritra ao aorian'ny zavatra mahatonga fiovana ao an'aty ». **Ny fibebahana dia fiovana an'aty eo anivon'ny fisainana, fiovana fijery, fandraisana fanahapan-kevitra.**

**Ny fibebahana no voalohany satria ny fisian'ny fiovana eo anivon'ny fisainana no mahatonga ny fiovana toetra. Ny fiovana fijery no mahatonga ny fiovam-pamindra.**

« Mibebaha ianareo » hoy Jaona sy Jesosy, izany hoe : atomboy amin'ny fiovana ao anatinareo ary izay indrindra avy eo no mahatonga ireo fiovana ety ivelany amin'ny toetra.

« Mibebaha ianareo » : teny voalohany teo ambavan'i Jaona mpanao batisa. Tsakotsakontsika aloha io teny io ary iainantsika ; koa avy eo isika afaka maheno ny tenin'ny Kristy ary manaraka azy.

## II. Ny fizotran'ny fibebahana

Ny *métaneo* dia ny misaina na mieritreritra eo anivon'ny fo izay toeran'ny fanapahan-kevitra (fa tsy sentosento) ary mahatonga fiovana ao an'aty ; ary **ny fiatombohany dia avy amin'ny zavatra izay mahatonga fiovana eo an'ivon'ny fisainana** ; ary io « zavatra » io dia mila fotorina.

**Mety ho teny** izay mampiseho amiko ny heloko, izay na tsy fantatro na koa fantatro fa afeniko. Io teny io dia **tenin'olombelona nefa ho haiko ny manavaka fa avy amin'ny tenin'olombelona no miteny amiko Andriamanitra** satria Andriamanitra irery ihany no afaka tanteraka mampahafantatra ahy ny heloko, mahatonga saina ahy ahafantatra ny heloko. Ny olona mety ho diso rahefa miresaka an'ireo heloko fa Andriamanitra tsy diso ; izy no manazava ahy amin'ny alalan'izay olona nofidiny ampiseho ahy ny heloko.

**Ny fisainako**, *conscience*, ny eritreritro dia mampiseho ahy ny heloko. Andriamanitra mampiasa ny fieritreretako itenenany amiko ary io fieritreretana io dia feo. Ny fieritreretana dia ny feo ao anatintsika izay akon'ny tenin'Andriamanitra.

**Ny teny avy ao amin'ny Baiboly** no ampisehoan'Andriamanitra ny heloko.

Ny fahafantarako ny heloko dia mety koa **avy amin'ny zavatra mitranga** eo amin'ny fiainako, fihetsika, fijery, fahanginana ; amin'ny alalan'ireo izay azon'Andriamanitra hanazava ahy.

### 1. Ny fitokanana, lalana voalohany ho amin'ny fibebahana

Tamin'ny andro naha tety an-tany an'i Jesosy dia ambara amintsika fa Jaona mpanao batisa dia niseho ho toy ny olona ampiasain'Andriamanitra hanampy ny vahoaka ahafantatra ireo helony. Jaona mpanao batisa dia mahita tsara fa fitaovan'Andriamanitra izy ary izany no itenenany ampanetre-tena hoe : « **Izaho dia feon'ny miantso mafy any an'efitra** » (Jaona 1/23).

Feo, izay fotsiny ; nefa feo hainoana ny antson'Andriamanitra. Feo tokony « mikiaka », miantso mafy satria ny fon'ny olona matetika dia marenina. Ireo majinika (*humbles*) ihany no maheno ny teny izay mampiseho azy ny helony. Ireo mpirehareha dia tsy maheno izany teny izany satria mahafantatra tsara ny momba azy ireo izy ireo ; koa tsy mety mihaino feo hafa. Tsy tokony ionona fotsiny amin'ny fampakaram-peo i Jaona fa tokony mampiasa teny mahery vaika manokatra ny sofina marenin'ny fireharehana : « taranaka menarana », hoy Jaona (Matio 3/7).

**Ny feo mikiaka « any an'efitra », izany hoe ao amin'ny fitokanana samy irery sy ao amin'ny fahanginana eo anatrehan'Andriamanitra**, toerana izay sarotra dia sarotra andosirana ny tenin'Andriamanitra.

Eo amin'ny tabataban'ny fiainan'izao tontolo izao dia sarotra ho an'ny olona ny ahafantatra ny helony ary tsy fantany hoe meloka izy. **Eo amin'ny fitokanana eo anatrehan'Andriamanitra no mahatonga saina ahafantarana ireo heloka sy ireo hadisoana**. Tsy maheno izay tsy tiana ho henoana isika raha tsy ao an'efitra ary tsy afaka mijanona ela ao an'efitra raha tsy mahita izay tian'Andriamanitra aseho amintsika. Arakaraky ny fitokanana, arakaraky ny fahanginana, arakaraky ny fanatrehana an'Andriamanitra no ahafantarana izay tsy fantatra nefa nandaniana fotoana ela namantatra izany. Ny fitokanana dia lalana voalohany ho amin'ny fibebahana.

### 2. Ny tsindrona

Ny teny voalohany nambaran'i Jaona dia mitaona itomany ireo heloka eo anatrehan'Andriamanitra ary ny fo izay afaka avy amin'ny famelan-kelok'Andriamanitra dia afaka mihaino ny teny voalohan'ny Kristy.

**Ny ahitantsika ny helotsika dia mampijaly antsika amin'ny fanaintainana manindrona ny fo**, izay ataon'ny grika hoe : *katanuxis, componction* amin'ny teny frantsay. Indray mandeha tsy miverina no ahitantsika an'io teny io ao amin'ny Testamenta vaovao, izay ampisaina ho an'ny vahoaka tao Jerosalema tamin'ny Pantekosta : « Ary raha nandre izany ny olona, dia voatsindrona tam-pony » (Asa 2/37).

Ny teny vao heno dia ny tenin'ny apostoly Petera izay avy amin'Andriamanitra nampiseho ireo heloky ny vahoaka izay nanombo an'i Jesosy (Asa 2/36). Io fanambarana, fampisehoana io dia niteraka fanaintainana mafy teo anivon'ny fo, izay tsindrin'ny soratra mazava tsara. Avy ao amin'io fanaintainana io no tonga ny ranomaso, « mitomany ny heloka »

### 3. Ny fibabohana, fibebahana

Ao anatin'ny fanaintainana, ny vahoakan'i Jerosalema no manotany an'i Petera ny tokony ataony : « inona no hataonay ? » (Asa 2/37), ary Petera namaly hoe : « mibebaha » (Asa 2/38). **Ny fibebahana lazain'i Petera dia ny fibabohana ireo heloka, ny filazana ireo fahadisoana.** Ao amin'ny ranomason'ny tsindrona no misy tanteraka ny fiaiken-keloka. Ny olona rehetra no miaraka mibebaka saingy ambaran'i Petera mazava tsara fa io fiaraha-mibebaka io dia mitoetra amin'ny fibebahan'ny tsirairay avy.

Ny filazana ny heloka, ny fibabohana dia atao amin'izay nanaovana ny fahadisoana, na Andriamanitra izany na olona (Lioka 17/3-4). Saingy tokony ho tsapantsika tsara fa **amin'ireo olona rehetra nanaovana hadisoana, amin'ireo olona rehetra nanaovana heloka dia Andriamanitra no nanaovana heloka**, araka ny nolazain'i Jesosy raha niteny ny amin'ilay zanaka adala hoe : « Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho » (Lioka 15/21), izany hoe : nanohitra anao aho, ry raiko, nefa alohan'izany « tamin'ny lanitra », ary ny lanitra eto dia milaza an'Andriamanitra. Marina izany fa rahefa manao heloka amin'ny hafa isika dia Andriamanitra no anaovantsika heloka noho ny fifatoran'ny fitiavana misy eo amin'Andriamanitra sy ny tsirairay noforoniny. Noho izany **ny fibabohana amin'ny olona dia miaraka amin'ny fibebahana amin'Andriamanitra.** Ary ny fibabohana ny fahadisoana dia atao amin'ny fisokafan'ny fo, ary amin'ny ranomason'ny fo.

### 4. Ny fangatahana famelana, ny famelana sy ny fiadanana

**Ny fibabohana dia miaraka amin'ny fangatahana famelana**, fanesorana ao amin'ny ranomason'ny tsindrona. Rahefa ekena ny famelana dia miaraka amin'ny fiononana, afaka ny ranomason'ny fijaliana.

Ny fiononana dia mifatotra akaiky dia akaiky amin'ny fibebahana koa teny iray ihany no ampiasain'ny hebreo *nâham*, izay milaza ny fibebahana sy ny fiononana : teny sady milaza ny fanenenana no sady milaza ny fiononana.

Ny fiononana dia roa : Rahefa mibebaka, rahefa mibaboka ny heloka, ny manenina dia mampionona ny nodisoana ; ary amin'ny famelana, ny nodisoana dia mampionona ny mibebaka. Noho izany dia misy fihavanan'ny fiadanana. Ary **ny fihavanana no farany amin'ny fibebahana.**

Mampiova tanteraka ny fihavanana ; ary miteraka ranomaso ihany koa, saingy tsy ranomasom-pijaliana fa ranomasom-pifalian'ny fiadanana. Rahefa lalina ny fibebahana dia lalina ihany koa ny fiadanana sy ny fifalian'ny fihavanana.

Ny fihavanana raisina amin'ny famelan'Andriamanitra matetika dia tsy maharitra ela ary tokony ho gaga amin'izany isika. Tsy midika izany akory fa Andriamanitra dia manome antsika fihavanana malemy fa midika hoe : ny fibebahana nataontsika dia saritsariny ihany. Ny fihavanana omen'Andriamanitra dia mafonja fa saingy ny faharetany dia mampiseho amintsika, manambara amintsika ny lanjan'ny fibebahantsika.

Raha mitoetra amintsika ny fihavanana dia milaza izany fa lalina dia lalina ny fibebahana nataontsika. Ny famelankelok'Andriamanitra dia feno sy mafonja fa saingy ny mibebaka dia mandray azy arakaraky ny vesatry , ny lanjan'ny fibebahany.

Ny famindran'ny fibebahana dia misy vidiny eo imason'Andriamanitra, ny famindran'ny fanenenana dia misy vidiny eo anatrehan'Andriamanitra koa ny fiononana dia asan'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy.



Fantantsika fa Jesosy dia nanome ny Fanahy masina anarana hoe : Mpampionona (Jaona 14/16.26 ; 15/26) ary io anarana io koa dia nomena an'ny Kristy : « Manana Mpampionona ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy » (1 Jaona 2/1). Ny Ray na dia tsy mitondra ny anarana hoe Mpampionona aza dia dia manao ny asan'ny mpampionona : « Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontosika, Rain'ny famindram-po sady Andriamanitry ny fampiononana rehetra, izay mampionona anay amin'ny fahorianay rehetra mba hahazanay mampionona izay rehetra mitondra fahoriana kosa, anin'ny fampiononana izay ampiononan'Andriamanitra anay » (2 Koritianina 1/3-4). Ambon'izany misy fihetsiky ny Ray izay mazava tsara fa mampionona : « Ary ho fafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra » (Apokalipsy 7/17).

**Mamela heloka, mampionona, dia milaza fa tsy mitsara, mandà ny fanamelohana** ; fihetsiky ny ray izay nanana zaza adala izay tokony hitsara ny zanany nefa nandray ny zanany teo an-tsandriny. Io ray io, hoy Jesosy, dia tsy iza fa Andriamanitra. Resy lahatra amin'izany fanambarana an'Andriamanitra izany isika dia mandray ny teny voalohany ampahibemaso nataon'i Jesosy ho toy ny Vaovao mahafaly.

« Mibebaha ianareo », fanasana ho amin'ny fibebahana mahagaga, manosika antsika hanao dingana voalohany eo amin'ny lalana izay ihaonantsika amin'ny fahasoavan'Andriamanitra omeny antsika. Mandray ny lalan'ny fibebahana eo anatrehan'Andriamanitra dia tsy inona akory fa mandeha mihaona amin'ny fahasoavana. Mibebaka izany hoe mandray ny fahasoavan'Andriamanitra. Mahagaga ny fahalalana izany.

Notomorintsika akaiky ary tsapantsika fa **tsy isika no tena manao ny dingana voalohany eo amin'ny lalan'ny fihavanana fa Andriamanitra amin'ny alalan'ireo irahany eo alohantsika**. Amin'ny alalan'i Jaona mpanao batisa sy Kristy dia Andriamanitra no manao dingana voalohany sy manatona antsika.

Vaovao mahafaly fa mialoha antsika sahady ny fahasoavana : Andriamanitra no mandray fanapahan-kevitra ary miteraka ny famindrantsika, amin'ny alalan'ny fanasany izay nampitondrainy ireo telo alohantsika manao hoe « Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra ».

### III. Ny fanjakan'ny lanitra

« Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » hoy Jaona (Matio 3/2) ary ambaran'ny Kristy « Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra (Matio 4/17). Maninona Kristy no mamerina an'izay efa volazava ? Ny fanompoan'i Jaona ve tsy nisy dikany ? Ny famelan-keloka nomena tamin'i batisan'i Jaona ve tsy avy amin'Andriamanitra ? Mila averina ve izay efa niainana tany amoron'i Jordana ?

Ny famelan-keloka izay noraisina tamin'ny batisan'i Jaona dia famelan-kelok'Andriamanitra. Kristy tsy manozongozona mihitsy izay nomen'Andriamanitra tao Jordana : tena izy ny famelan-keloka. Ny fanompoan'i Jaona tsy nolavin'ny Kristy ; izay notorian'i Jaona dia avy amin'Andriamanitra ary Jesosy dia tonga manaja izay nialoha lalana azy tamin'ny nanaovana batisa azy.

Lehibe ny fanajan'i Jesosy an'i Jaona ary nomen'i Jesosy fotoana i Jaona hanantanteraka feno ny fanompoany teo amoron'i Jordana. Raha mbola nitoriteny teo ampovoan'ny vahoaka Jaona, Jesosy dia nentin'ny Fanahy tany an'efitra nalain'ny devoly fanahy ary nadao azy ny devoly (4/1.11). Jesosy tsy nanomboka nanao ny fanompoany raha tsy efa nifarana ny fanompoan'i Jaona. « Ary rahefa ren'i Jesosy fa voatolotra Jaona, dia lasa nakany Galilia izy » (4/12) ; ary izay Jesosy vao nanomboka nitoriteny. Tsy dodona sy maika Jesosy fa miandry ny fotoany.

Rahefa « ren'i Jesosy » fa « voatolotra » i Jaona, any amponja ary tsy afaka mitoriteny intsony, izay vao nakany Galilia Jesosy itoriteny. Nangina aloha Jesosy mamela an'i Jaona hiteny. Jesosy tsy tia analoka ny nialoha-lalana azy ka niaraka nitoriteny taminy tamin'ny fotoana iray. Tsy nisy fifaninana teo amin'i Jaona sy Jesosy, tsy nisy fandavana, fa ny nasehon'i Jesosy dia fanajana, fanetren-tena lehibe nefa izy dia « mahery » noho Jaona.

Jaona mitovy ny fibebahana, ary Jesosy koa mitovy ny fibebahana, « manohy » izay nataon'ny nialoha lalana azy nefa tsy fanohizana fotsiny **fa amin'ny fitorian'i Jesosy ny fibebahana dia misy zavatra hafa fa tsy fanohizana fotsiny**. Tsapa fa miova ny feo ary tsy mitovy ny akony na dia mitovy aza ireo teny : « Mibebaha inareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » (Matio 3/2 sy Matio 4/17).

### **Feo samihafa**

Jaona sy Jesosy dia mampiditra ny fampianarany amin'ny fehezan-teny mitovy saingy amin'ny tohin'ny fampianarany dia samy hafa ny feo.

**Ny miseho amin'ny ambaran'i Jaona dia hentitra (sévérité)** izay tsapa amin'ireo teny lazainy, ny feo ampiasainy dia milaza mazava ny fandrahonana : « taranaka menarana » hoy izy amin'ireo olona tonga ihaino azy (3/7). Ary ireo sary milaza ny fandrahonana dia mitohy : ny famaky efa mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo (3/10), ilay ho avy dia mitondra ny fikororohany eny an-tanany ary ireo ratsy rehetra dia hodorany amin'ny afo (3/12). Ny afo dia ny afon'ny fahatezerana (3/7) ary afo tsy metry maty (3/12).

**Ny fanjakana izay ho avy dia ny fanjakan'ny fahatezerana**, ny fahatezeran'ny lanitra, izany hoe ny fahatezeran'Andriamanitra. **Amin'ny fampisehoana an'io fahatezerana io i Jaona no mitaona ho amin'ny fibebahana** : « Mibebaha ianareo fa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » hoy izy niantsoantso mafy tany an'efitra i Jordana.

Miaraka amin'i Jeosy dia miova tanteraka ny feo. Jesosy dia ilay nambaran'i Jaona saingy tsy misy famaky eny an-tanany. Jesosy tsy tonga toy ny amin'ny andro finjinjana miaraka amin'ny fikororohana fa toy ny amin'ireo fotoan'ny famafazana, ary milaza an'ireo fanoharana manambra fa izy dia toy ny mpamboly ny sahanany (Matio 13/3 sns).

**Ny fanjakana izay ambaran'i Jesosy dia tsy ny fanjakan'ny fahatezerana, fa ny fanjakan'ny fitiavana**, Jesosy dia milaza izany ho toy ny firavoravoana amin'ny fampakaram-bady (Matio 25/1 sns) ary izany dia manome feo hafa amin'ny fiantsoana ho amin'ny fibebahana ; **ny fiantsoana ho amin'ny fibebahana dia tsy eo ambanin'ny faneriteren'ny fandrahonana sy fampitahorana fa miaraka amin'ny hafanana sy firehetan'ny fitiavana**. Ny fampitahorana dia manome toerana ny vaovao mahafaly : efa akaiky ny fanjakan'ny fitiavana koa miomana ianareo mandray azy.

Anindrina mafy an'io fiovan'ny feo io, **Matio dia mampiseho ny toriten'i Jesosy ho toy ny tenin'ny fahazavana ao amin'ireo aizin'ny fahafatesana**. Rahefa mihaino an'i Jaona, ny fahatongavan'ny fanjakana dia mampiseho ny fandrahonan'ny fahafatesana ho an'ireo izay mitoetra ao amin'ireo aizina ; ary miaraka amin'i Jesosy ny fahatongavan'ny fanjakana dia manala an'ireo olona izay ao amin'ny fangejan'ny herin'ny fahafatesana (4/16)

### **Akaiky**

Ahatsapana tsara an'io fiovan'ny feo io dia mila tomorinstika ny hevitra ny matoanteny « manakaiky » izay eo ambavan'i Jesosy



Ny filazana hoe « fanjakan'ny lanitra » dia mitovitovy amin'ny hoe « fanjakan'Andriamanitra ». Rahefa adika ny teny hoe fanjakana, *basiléia* ny teny fototra, dia milaza ihany koa hoe : ny mpanjaka ; koa ny hoe « akaiky ny fanjakan'ny lanitra » dia midika hoe « akaiky ny fanjakan'Andriamanitra » izay milaza ihany koa fa « **Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka azy dia akaiky** »

Ny matoanteny « manakaiky » dia mifandray amin'ny **toerana**. Toy izany no ambara mikasika an'i Jesosy sy ny vahoaka « manakaiky an'i Jerosalema Jesosy sy ny vahoaka » (Matio 21/1). Ary ahoana ny fanjakana izay « manakaiky » ?

Ho an'Israely, **ny fanjakan'Andriamanitra dia zava-misy misahana ny tontolo rehetra, ny lanitra sy ny tany** ; Andriamanitra tsy manjaka fotsiny eo amin'ny vahoakany fa manjaka amin'ny firenena hafa rehetra araka ny hiran'ny mpanao salamo hoe « Andriamanitra manjaka amin'ny firenen-tsamy hafa » (47/9). Tsy misy fisalasalana fa ireo firenena hafa dia tsy mahalala ny fanjakan'Andriamanitra, nefa izany dia tsy mamela an'Andriamanitra tsy hanjaka eo amin'ireo firenena ireo. **Ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy misy sisin-tany, tsy misy valamparihy fa tia hivelatra sy manakaiky ny rehetra.**

Ahatakarana ny hevitra ny toerana amin'ny matoanteny « manakaiky » dia heveriko fa **amin'i Jaona mpanao batisa ny fanakaikazan'ny fanjakana dia mitovy amin'ny fanakaikazan'ny Kristy**, izay tsy mampiseho fotsiny ny fanjakana fa mihoatra noho izany satria izy no mpanjakan'ny fanjakana.

- **Satria manakaiky Jesosy dia manakaiky ny fanjakana**, izay no heveriko ho hevitra ny toerana araka ny toritenin'i Jaona ; « akaiky ny fanjakan'ny lanitra » dia midika hoe mihena ny elanelena, **manakaiky ny fanjakana noho ny fahatongavan'ny mpanjakany, ny Kristy**.
- **Ao ambavan'i Jesosy**, ny hevitra ny toerana dia midika hoe : **akaiky ny fanjakan'ny lanitra satria manakaiky anareo aho**.

Ankoatry ny hevitra mikasika ny toerana dia misy koa hevitra mikasika ny **fotoana** momba ny matoanteny « manakaiky », toy ny hita amin'ny ambavan'i Jesosy hoe : « indro, efa akaiky ny ora » (Matio 26/45).

Ho an'Israely **ny fanjakan'Andriamanitra dia zava-misy omaly, anio, ampitso ; ary noho izany dia eo hatrany ny fanjakan'Andriamanitra**. Ny mpanao salamo rehefa mankalaza ny fanjakan'Andriamanitra dia mampiasa ny ataon'ny mpanoratra hebreo hoe « tanteraka », ny ankehitriny, izany hoe ny fotoana misahana ny an'ireo vanin'andro sy vanim-potoana rehetra : « Andriamanitra manjaka » (47/9 ; 93/1 ; 96/10 ; 97/1 ; 99/1) izay midika fa « izy dia manjaka anio, omaly, ampitso ». Ary ny mpanao salamo rehefa mampiasa ny ataon'ny mpanoratra hebreo hoe « tsy tanteraka », dia manindry ny fitohizana : « Manjaka mandrakizay Jehovah » (146/10).

- **Jaona mpanao** batisa rehefa manambara fa ny fanjakan'Andriamanitra dia akaiky ao amin'ny fotoana dia milaza fa **ny Kristy dia manakaiky mihoatra noho ny omaly, eto izy anio izao** : akaiky ny fanjakan'ny lanitra satria tonga ny mpanjakany, manakaiky, eo amin'ny fotoantsika ; eo izy, anio izao.
- **Jesosy dia manamafy** ny ambaran'i Jaona saingy ny maha samy hafa azy dia amin'izay lazainy : **akaiky ny fanjakan'ny lanitra, satria izaho, ny mpanjaka dia eto, anio, izay miteny izany aminareo**.

Ny fifanakaikezan'ny fanjakana amin'ny mpanjakany dia miseho mazava tsara ihany koa amin'ireo teny ambaran'ny evanjelista Lioka sy Marka. Lioka manoratra hoe « akaiky ny fanjakan'Andriamanitra » (21/31) ary Marka manoratra hoe : « efa akaiky ny Zanak'olona » (13/29). Mitovy tanteraka ireo filazana ireo : **ny fanjakana dia eo, ao amin'ny Zanak'olona, izany hoe ao amin'ilay nomen'Andriamanitra ny fanjakana** ; ny Zanak'olona dia ilay ambaran'i Daniela 7/13-14 : ilay nomena fanapahana sy voninahitra ary fanjakana. Ary **ny fanjakan'ny lanitra izay ao amin'ny mpanjakany dia akaiky amin'ny fotoana itorian'i Jaona ary indrindra eo satria ao ambavan'i Jesosy rahefa mitory izy.**

Sahala amin'izany ihany ankehitriny, anio, isaky ny manakaiky antsika Kristy ao amin'ny vavaka, ao amin'ny sakramenta, ao amin'ny fihainona ny teniny, ao amin'ireo olona akaiky antsika dia manakaiky antsika ny fanjakana ary manakaiky hatrany.

Izay no henontsika eo ambavan'i Jaona, izay tsy mihoatra ny hevitra ny toerana sy ny fotoana saingy heveriko fa mihotra noho ireo hevitra ireo ny eo ambavan'i Jesosy.

### **Manakaiky**

Ny hevitra ny matoanteny « manakaiky », araka ny ambaran'ny rakibolana Bailly, -ampisaian'ny teolojiana rehetra- misy dikany hafa hoe : miraikitra, **mihavana, misakaiza**, izany hoe fifanakaikezan'ny fo. Toy ny hoe akaiky ny foko kokoa ny apostoly Paoly noho ny mpanjaka Andrianampoinimerina nefa amin'ny toerana sy ny fotoana dia tsy izay mihitsy. **Ny makaiky eto dia milaza hoe mihavana, mifandray am-po, mifandray am-panahy eo amin'ny lafiny tambitamby, affection.**

Takantsika izany araka ny hiran'ny mpanao salamo, ohatra rehefa mitaraina izy milaza hoe : « ny havako mijanona eny lavitra eny » (38/11) ; miresaka an'ireo sakaizany izy, ireo havany, ireo akaiky azy nefa manalavitra azy ! Ny elanelana itarainan'ny mpanao salamo dia tsy eo amin'ny lafiny toerana na fotoana fa eo amin'ny fitondran-tena, *comportement* ; ireo havana dia « alavitra », izany hoe tsy mampiseho fitiavana, tsy miraharaha ny ampiseho an'ireo fitiavany.

Ny apostoly Paoly koa nampiasa an'io voambolana io rahefa niteny tamin'ireo Efesiana amin'ny fihavanan'izy ireo amin'Andriamanitra : ianareo izay lavitra fahiny dia nampanakekena, ianareo izay tao amin'ny fahalavirana fahiny tonga ao amin'ny fihavanana (Efesiana 2/13.17). Ny rehetra dia miseho eo amin'ny fifaneraserana, eo amin'ny fifanakaikezan'ny fo. Ambonin'izany, anazavana an'io fiovana ao amin'ny fihaonana io, ny apostoly Paoly dia manindry mafy dia mafy fa **tsy avy amin'ny Efesiana no mahatonga azy ireo ihavana, anakaiky an'Andriamanitra fa avy amin'Andriamanitra izay nandray fanapahan-kevitra ny anakaiky azy ireo, ihavana amin'izy ireo.**

Rahefa milaza izany i Paoly dia mampiasa ny feo nataon'ny Kristy izay milaza hoe : akaiky ny fanjakan'ny lanitra, izany hoe : **ny fanjakana, ao amin'Andriamanitra, dia tonga akaiky satria Andriamanitra no nandray fanapahan-kevitra mihavana, manakaiky.**

Efa nohirain'ny mpanao salamo noamafisiny hoe : « akaikin'izay manana fo mangorakoraka Andriamanitra (34/18). Io finakakaikezan'ny fo io dia tsy heno ao ambavan'i Jaona sy ao amin'ny teny hentitra sy teny feno fandrahonana. Mifanohitra amin'izany ny hita mazava tsara ao ambavan'ny Kristy sy ao amin'ireo hafany ny fitiavana : **Andriamanitra tonga manakaiky, tonga mihavana ; izay no vaovao mahafaliny.**

Tsy midika izany fa zara fa nitia Andriamanitra omaly ary anio dia mitia betsaka ; fa milaza hoe **Andriamanitra manakaiky dia mitia hatrany saingy anio dia asehony bebe koa ny fitiavany.**

**Ny fanjakan'ny lanitra dia tonga fihavanana**, izay tsy nambaran'i Jaona mihitsy nefa ambaran'i Jesosy satria Jesosy tamin'ny batisany dia nandre teny izay mbola tsy nisy naheno. « Indro ny mpanompoko izay sitraky ny foko » no henon'ny mpaminany (Isaia 42/1); « Ity no zanako malako izay sitrako » no henon'ny Kristy (Matio 3/17); **ilay fiovan'ny « mpanompo » ho « zanaka » dia mampiseho ny alehiben'ny fifanakaikezan'Andriamanitra.**

« Zanako ianao » no henon'ny mpanjaka Davida (Salamo 2/7); ny henon'i Jaona mpanao batisa dia « ity no zanako malalako izay sitrako » (Matio 3/17) ary ny henon'i Jesosy dia « ianao no zanako malalako, ianao no sitrako » (Marka 1/11). Izay izao ny tenin'Andriamanitra, famantarana fa tonga manakaiky izy, tonga mihavana.

Ilay henon'ny Kristy ho azy tamin'ny batisany -« ianao no zanako malalako, ianao no sitrako »- no ambarany amin'ny rehetra izay entiny izarana ho an'ny rehetra ny fitiavana araka izay nitiavana azy. Nangatahany tamin'ny Ray masina ho an'ny mpianatra rehetra : « ho ao aminy ny fitiavana izay nitiavanao ahy » (Jaona 17/26). **Ny fihavanana tanteraka, fisakaizana tanteraka, fifanakaikezana tanteraka eo amin'ny Ray masina sy ny Zanaka izay izao no ambaran'ny Kristy amin'ny olona rehetra sy zarainy amin'ny olona rehetra.**

Abrahana dia fantatra fa « sakaizan'Andriamanitra » (Jakoba 2/23), ary toy izany koa Mosesy izay niresaka tamin'Andriamanitra « tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany » (Ekosodsy 33/11). Izay fisakaizana izay, *intimité*, dia voatokana ho an'ny olona vitsy dia vitsy ao amin'ny Testamenta taloha; nefa ankehitriny any Galilia, ao amin'ny faritany izay jentilisa ny antsasakin'ny mponina, no **mitory Jesosy fa Andriamanitra dia tonga manakaiky an'ireo vahoaka ao amin'ny fanjakany**, misakaiza amin'iero vahoaka ao amin'ny fanjakany. Vaoavao mahafaly ny fisakaizan'ny Mpanjaka amin'ny vahoaka, ny fanakaikazan'Andriamanitra ny vahoaka.

**Io fifanakaikezan'Andriamanitra io dia eo ampvoan'ny hafatr'i Jesosy**, toy ny asehony amin'ireo fanoharana, izay ahitana Andriamanitra manalavitra ny mpanompony (Lioka 19/12 sns) nefa koa toy ny Tompo akaiky an'ireo mpanompony (Matio 20/1 sns) ary koa toy ny ray izay namihina ny vozon'ny zanany (Lioka 15/20). Io zanaka adala noraisin'ny rainy io dia tsy Abrahama, tsy Mosesy, na sakaizan'Andriamanitra fa isika tsirairay avy. Voaray ny zanaka teo amin'ny fotoana nanombohany niaina ny fibebahana tamin'ny rainy, **voaray isika zanaka raha vao miandoha manomboka manao fibebahana**. Io fanoharana io dia mampiseho fa **Andriamanitra dia manolotra ny fisakaizany ho an'izay olona rehetra mibebaka.**

Jesosy tsy mitsahatra miteny hoe « Raiko » nefa koa izy tsy mitsahatra miteny amintsika hoe « ny Rainareo ». Ny Ray no ivavahany, ny « Raintsika » no ampianariny antsika anolorantsika ny vavaka ataontsika. **Andriamanitra mitia no Andriamanitra asehon'i Jesosy antsika, Andriamantra mitia no manakaiky antsika**, manatona antsika, mihavana amintsika, misakaiza amintsika, mifandray am-po antsika amin'ny tambitamby.

### **Manakaiky hatrany**

**Tsy misy akaiky antsika indrindra afa tsy Andriamanitra saingy tsy manao afa tsy manakaiky izy.** Ny fanakaikazan'ny dia mahatonga fanantenana fa hanakaiky hatrany izy. Fa nahoana no tsy fenoiny tanteraka avy hatrany ny fanakaikazan'ny antsika? Nahoana isika no mbola tsy maintsy miandry? Nahoana isika no mbola asaina mivavaka amin'ny Ray miteny hoe : « Ho tonga ny fanjakan'ny »? Heveriko fa misy antony maro mifamatotra.

Raha tsy manakaiky intsony Andriamanitra dia **fanajany ny fahafahantsika**. Ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy misy fetra, ankoatry ny fandavantsika azy amin'ny fikatonan'ny fontsika. Ary tsy tian'Andriamanitra terena io fetra io. **Tsy fitiavana intsony ny fitiavana raha toa ka manery amin'ny alalan'ny fahefana sy tsy manaja ny fahafahan'ny ankilany.**

Andriamanitra manaja antsika amin'ny fahafahantsika, ary izay no antony tsy anakaikazany antsika intsony. Miandry izy ! Miandry antsika hiteny hoe : eny. Miandry antsika hanatona azy izy. Andriamanitra manao dingana voalohany ary miandry antsika hanao dingana faharoa. Tsy misy ady varotra na serasera sy fifanakalozana satria ny fitiavana tsy misy takalony fa fiantsoana, fitaomana itia sy ho akaiky kokoa izay efa akaiky, ary manantena fa mbola ho akaiky hatrany.

Raha tsy manakaiky intsony Andriamanitra dia **noho ny henatra, pudeur**. Ny sakaiza dia manatona amin'ny henatra, misy fihinina (*retenue*), tsy manampoka ny ankilany. Rahefa manolotra ny fisakaizana dia misy hatrany ny fihinina.

Amin'ny fanokafan'Andriamanitra ny fony amintsika, Andriamanitra dia miantso antsika hanao toy izany, hanokatra ny fontsika. Miandry amintsika ny mariky ny fisakaizana izy ary amin'ny fisakaizana dia manokatra ny fontsika ho azy isika.

Rahefa mamaly ny fisakaizan'Andriamanitra isika dia manokatra ny fontsika. Ary ny fo hitan'Andriamanitra dia fo tsy mendrika azy, fo mahantra izay misy ny aloky ny heloka ; fo tsy afaka mitia an'Andriamanitra izay nanokatra ny fony. **Raha manakaiky antsika amin'ny alalan'ny henatra (pudeur) Andriamanitra ary raha tsy manakaiky intsony dia noho isika, mba tsy ahatonga antsika ho menatra (honte) loatra.**

Ny henatra (*pudeur*) dia ampisaina hiaro ny ankilany amin'ny henatra (*honte*). Andriamanitra tsy manakaiky betsaka satria fantany ny fontsika. **Raha manakaiky kokoa izy dia ho fatin'ny henatra (honte) isika.** Noho ny fahasoavany, Jesosy dia mampitandrina antsika ary manao soso-kevitra amintsika : mibebaha ianareo ; manomboha miomana raha mbola tsy manakaiky bebe kokoa Andriamanitra.

Raha mbola tsy manakaiky bebe kokoa Andriamanitra dia **manome fotoana antsika iomanantsika**. Fotoana idioavantsika dia ny fotoan'ny fibebahana, fotoan'ny fanetren-tena. Andriamanitra manetry tena manakaiky antsika meloka. Andriamanitra mitia antsika koa tsy manatona betsaka antsika fa manome fotoana ibebahantsika. Ary izay no anambaran'i Jesosy hoe : izao ny fotoan'ny fibebahana, raiso ny fotoana ibebahana.

Raha mbola tsy manakaiky bebe kokoa Andriamanitra dia **manome fotoana antsika isaintsainantsika ny fitiavana** izay hitantsika ao aminy. Lehibe io fitiavana io, lalina, mafonja koa tsy ho tsapantsika eo no ho eo. Ny fitiavan'Andriamanitra dia tsy mitsahatra miava, manozongozona antsika sy mandrava ireo hevitra diso ataontsika amin'ny fahafantarana azy. Io fanozongozonana ao anaty io dia fiaingan'ny fibebahana.

Ny fibebahana dia fiovan'ny fijerintsika antsika avy amin'ny teny miantefa amintsika mampiseho antsika an'ireo helotsika ; izay no henontsika eo ambavan'i Jaona mpanao batisa. Miaraka amin'i Jesosy dia zavatra hafa mihoatra noho ny ambaran'i Jaona ; **ny teny manosika antsika ho amin'ny fibebahana dia tsy ny fampisehoana intsony ny helotsika, fa fampisehoana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny hetahetany isakaiza amintsika.**

Ny tenin'ny Kristy dia tsy mitaona antsika anova ny fisainantsika momba ny fiainantsika sy momba antsika, fa manova ny fisainantsika sy ny fijerintsika momba an'Andriamanitra.

**Jesosy manokatra ho antsika ny fon'Andriamanitra ; ary eo anatrehan'izany fisehoana izany isika no voatosika ho amin'ny fibebahana.** Ny fitiavan'Andriamanitra dia lehibe koa miava, manozongozona ny ao anatintsika rehetra ; koa betsaka ny tomanin'ny tsindrona tonga hatreo amin'ny rano mivoaka amin'ny masontsika. Ny fijaliansika dia ny fahitantsika fa tsy afaka mitia an'Andriamanitra izay mitia antsika isika.

- « Mibebaha ianareo satria ny aizin'ny helokareo dia lalina dia lalina » hoy Jaona mitaona antsika ijery ny fahantrantsika.
- « Mibebaha ianareo satria ny fahazavan'ny fitiavan'Andriamanitra dia mahagaga » hoy Jesosy mitaona antsika ijery ny fitiavan'Andriamanitra, fitiavana tsy misy fetra.

Jaona mitaona antsika anokatra ny fontsika ; Kristy manambara amintsika fa Andriamanitra manokatra ny fony. Ary noho izany dia miseho ireo aizintsika izay mifanatrika amin'ny fahazavana. Rahefa mihalehibe io fahazavana io dia miha hitantsika ireo helotsika ary eo isika no mitomany ny fanaintainana.

Ny tomanin'ny tsindrona notairin'ny hafatry Kristy dia ireo ranomaso nalatsak'i Petera teo anatrehan'ny fijerin'ny Kristy. Amin'ny fahitan'i Petera ny fitiavan'ny Kritsy no naharefesy ny alehiben'ny fandavany. Isaky ny itantsika ny fitombon'ny fitiavan'Andriamanitra dia itantsika ny habetsaky ny helotsika. Koa ao amin'ny fahasoavany, Andriamanitra tsy manao afa tsy ny manakaikikaiky antsika. **Raha manakaiky antsika betsaka Andriamanitra, ny fontsika tsy mahazaka sy mahatanty azy.**

#### **Manakaiky antsika ao amin'ny Kristy**

Ahatakarantsika tsara ny momba an'Andriamanitra izay lazain'ny Kristy dia tonga miaraka miaina amintsika izay ambarany ny Kristy. Ny endriky Kristy dia ny endrik'Andriamanitra, ny fitiavan'ny Kristy dia ny fitiavan'Andriamanitra. **Rahefa tonga manakaiky antsika Kristy dia Andriamanitra no manakaiky antsika ary mampiseho antsika fa tsy afaka mitia tanteraka isika.**

Tamin'ny fihaonany voalohany tamin'ny Kristy dia tsy nahazo trondro na iray aza Petera nandritry ny alina ; Jesosy nanakaiky azy ary nitaona azy handatsaka ny haratony ahazo trondro betsaka izay tsy nantenainy. Teo anatrehan'ny fahagagana izay mampiseho ny fitiavana tsy hita lany dia tsy zakan'i Petera ny fanakaikizan'ny Kristy koa niankohoka izy no nitalaho nilaza hoe : « Tompoko, miala amiko fa olo-meloka aho » (Lioka 5/8).

Taona maro taty aoriana, Petera tamin'ny alin'ny nandavany dia tsy nahazaka ny fijerin'ny Kristy, ary tokony hangataka amin'ny Kristy izy hoe miala amiko nefa izy Petera no niataka ary nitomany nandritry ny alina (Lioka 22/62).

Tsy vonona ny hijery an'Andriamanitra izay manakaiky antsika isika ; ary hanamboarana antsika sy hanomanana antsika ny nataony voalohany indrindra dia mitoriteny amintsika manao hoe : « Mibebaha ianareo fa manakaiky ny fanjakan'ny lanitra »

Ny fibebahana no aseho antsika sy tokony ho hitantsika, tsy ho fampisehoana ny helontsika fa ampisehoana ny fitiavan'Andriamanitra izay miseho. Raha manomana antsika itia an'Andriamanitra ny fibebahana, ny fibebahana dia tsy asa sy didy sy baiko sy lalàna tsy manitsy arahantsika sy ataontsika fa vaovao mahafaly omen'Andriamanitra antsika mamoha ny ao anatintsika aniry ny iaina tsy misy atakandro ny fibebahana amin'ny fanantenana fa ho afaka mitia an'Andriamanitra araka izay andrasany isika, mitia amin'ny « saintsika rehetra, ny fontrika rehetra, ny herintsika rehetra, ny fanahintsika rehetra ».

Ny vaovao mahafalin'ny fitiavan'Andriamanitra no manome antsika ny hetaheta sy hanoanana hamaly ny fanasan'ny Kristy manao hoe : « Mibebaha ianareo fa akaiky ny fanjakan'ny lanitra »

- « Mibebaha ianareo fa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » hoy Jaona ary izany dia manao hoe « **Mibebaha ianareo satria olo-meloka ianareo** »
- « Mibebaha ianareo fa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » hoy Jesosy, ary izany dia manako hoe : « **Mibebaha ianareo fa Andriamanitra fitiavana manakaiky anareo** »
- Ny henontsika eo ambavan'i Jaona dia hoe : « **Mibebaha ianareo fa akaiky ny fahatezeran'Andriamanitra** »
- Ny henontsika eo ambavan'i Jesosy dia hoe : « **Mibebaha ianareo fa Andriamanitra fitiavana manakaiky anareo** »

Ny fibebahana dia avy amin'ny teny henontsika mampiseho zavatra antsika. Miaraka amin'i Jaona mpanao batsia dia **teny momba antsika, teny milaza ny helontsika** izay tsy fantantsika sy miafina ary afenintsika. Miaraka amin'i Jesosy dia **teny milaza an'Andriamanitra, teny mampiseho ny fitiavany**.

Ny fibebahana dia fiovana fisainana momba ny fiainantsika ; ary miraka amin'i Jesosy **ny fibebahana dia fiovana fisainana momba ny fiainantsika sy momba an'Andriamanitra izay tsy fahatezerana sy famonoana fa Andriamanitra fitiavana tonga manakaiky antsika sy tia hisakaiza amintsika**, ary izay ny endriky ny fanjakan'ny lanitra.

Mpitandrina Rakotoarimanana Ndranto  
Bordeaux, faha 08 jona 2016